

Nisokatra tamin'ny fomba ofisialy androany Alarobia faha-18 Septambra 2019 teto Fianarantsoa ny atrik'asa mikasika ny « Fanombanana ny politika-panjakana » ho an'ireo mpiasan'ny Antenimierampirenena miisa 20 izay manao tan-tsoroka ireo Solombavambahoaka amin'ny asa fanaovan-dalàna

Ny solombavambahoaka RAVELOSON Guillaume Narinandrasana, voafidy teto Fianarantsoa sy ny Ben'ny tanàna lefitry ny Kaominina Ambonivohitr'i Fianarantsoa no tonga nanome voninahitra ny lanonam-panokafana ny atrik'asa izay haharitra telo andro, manomboka ny Alarobia faha-18 Septambra ka hatramin'ny Zoma faha-20 Septambra 2019 izao.

Ny « Institut électoral pour une démocratie durable en Afrique » (EISA) izay vatsian'ny « Agence Suédoise de Coopération au Développement International (Sida) vola, no mpanohana ity atrik'asa ity. Ny EISA dia manao tantsoroka ara-teknika ireo parlementera malagasy eo am-panatanterahana ny asany mandritry ny fe-potoana iasany sy ireo mpandraharaha ara-teknika amin'ny alalan'ny atrik'asa sy seminera mikasika ireo asan'ny solombavambahoaka.

Ny tanjona amin'ity atrik'asa ity dia ny hanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpiasan'ny Antenimierampirenena, izay manampy ireo solombavambahoaka eo amin'ny asa-baomiera mikasika ny « Fanombanana ny politika-panjakana ».

Natao ity atrik'asa ity mba ho fanatanterahana ny vinan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena amin'ny famerenana amin'ny toerany ny hasin'ny Antenimierampirenena.